**Hatao anie ny sitraponao!**
**Matio 6:10**

## Fampidirana

Nandritra ny fotoana vitsivitsy lasa izay, raha vao misy fanafihana feno herisetra nitranga tany Eoropa, na Amerika, na aiza na aiza manerana an'izao tontolo izao, dia hitantsika ao amin'ny tambazotra sosialy ny teny hoe: "Mivavàha ho an'ny …!" Raha tsy diso aho, dia ny filoha amerikana teo aloha, Barack Obama no namoaka izany teny filamatra izany. Tsy manohitra izany aho. Ny olona rehetra misaina dia hilaza aminareo fa rehefa mivavaka dia tsy maintsy misy andriamanitra iray iresahana.

Fa ny fanontaniako dia ny hoe: Andriamanitra iza moa izany? Ary, vonona ve isika ny handeha hatramin'ny farany amin'izany fomba fiheverantsika izany? Satria ireo izay mivavaka, dia tsy maintsy manao ny sitrapon'ilay Andriamanitra hivavahany. Ho antsika, kristianina advantista, dia tsy ampy ny hoe mivavaka amin'Andriamanitra, fa tsy maintsy manao ny sitrapony koa isika. Koa inona ary no sitrapon' Andriamanitra momba antsika? Inona no dikan'ny hoe: "Hatao anie ny sitraponao?"

## Inona no sitrapon'Andriamanitra momba antsika?

Ny Baiboly dia manampy antsika hahatakatra fa Andriamanitra dia manana drafitra ho antsika tsirairay avy. Noho izany, inona no "sitrapon 'Andriamanitra ho antsika?"
- Ho an'ny mpamafa trano, moa ve ny drafitr'Andriamanitra dia ny hanadiovany ny trano?
- Ho an'ny mpianatra, moa ve ny drafitr'Andriamanitra dia ny hahombiazany eo amin'ny fanadinana izay ataony?
- Ho an'ny mpikarakara tokantrano, moa ve ny drafitr'Andriamanitra dia ny hahaizany mitantana tsara ny ao an-tokantranony?
- Ho an'ny mpiasa, moa ve ny drafitr'Andriamanitra dia ny hahavitany ny asany tsara?

Noho izany, inona ary no drafitr'Andriamanitra eo amin 'ny fiainantsika? Mendrika ny hodinihina lalina io fanontaniana io.

Rehefa mamaky na mitanisa ny vavaka nampianarin'i Tompo isika ka tonga eo amin'ny andininy faha-10 manao hoe: "Ho tanteraka anie ny sitraponao," dia tsy mihanina fotsiny ihany amin'ny fangatahana amin'Andriamanitra ny mba hitarihany ny ho avy ara-toekaren'ny firenentsika na ny mba hanomezany antsika fandresena eo amin'ny ady manokana izay mety atrehintsika. Tiantsika raha ny sitrapon' Andriamanitra no hatao eo amin'ny fiainantsika eto an-tany, tahaka izay tokony ho fahatanterahany any an-danitra.

## Ny vavaka nampianarin'i Tompo

Ny vavaka nampianarin'i Jesosy, dia avy tamin'ny vavaka jiosy roa. Nanana anjara toerana lehibe teo amin'ny fivavahana jiosy tamin'ny taonjato voalohany ireo vavaka roa ireo: ny *Kaddish* (notononina taorian'ny toriteny tao amin'ny synagoga) sy ireo ***tso-drano valo ambin'ny folo***.

Ny ***Kaddish*** raha ny marina, dia miantso ho amin'ny fanamasinana ny Anarana sy ho amin'ny fiavian 'ny fanjakana toy ny vavaka nampianarin'i Tompo koa, vavaka izay ahitana zavatra maro iombonana amin' ireo ***tso-drano valo ambin'ny folo***. Ny vavaka nampianarin'i Jesosy dia vavaka tsotra izay tsy misy hifandraisany amin'ny tantaran'ny vahoaka voafidy, fa miseho amin'ny fomba mivelatra kokoa rehefa miresaka ny amin'ny Ray izay niandohan'ny aina rehetra; vavaka misokatra ho an'ny zavaboary rehetra izany. Ny olon-drehetra dia afaka manao io vavaka io.

Azo zaraina telo izany vavaka nampianarin'i Jesosy izany:

- Antom-bavaka mifantoka amin'Andriamanitra (Hohamasinina anie ny anaranao, ho tonga anie ny fanjakanao, atao anie ny sitraponao).
- Fahatsapana fa misy ifandraisany amin'ny zavatra ety an-tany ny any an-danitra.
- Antom-bavaka mifantoka amin'ny zavatra ilaintsika: (Omeo anay anio ny hanina sahaza ho anay, mamelà ny helokay, aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, manafàha anay amin'ny ratsy).

Ao amin'ity toriteny ity dia handinika ilay ampahany mikasika "ilay antom-bavaka mifantoka amin' Andriamanitra" isika. Noho izany ny fehezanteny hoe "Hatao anie ny sitraponao", dia mampiseho ny maha-zava-dehibe an'Andriamanitra eo amin'ny fiainan'ny mpino satria manana fifandraisana mivantana Aminy izy.

**Ny dikan'ny hoe: "Hatao anie ny sitraponao" (Ny atao hoe sitrapon'Andriamanitra)**

Ny fanambarana hoe **"hatao anie ny sitraponao"** dia miverina indroa ao amin'ny Baiboly. Ny ahitana azy voalohany, dia ao amin'ilay vavaka nampianarin'i Tompo araka ny rafitra nampianaran'i Jesosy ny mpianany. Sarotra ny manonona izany, indrindra rehefa tena dinihina lalina sy ampiharina eo amin'ny fiainana. Araka ny kolontsaina izay nanabeazana antsika, ny fanatanterahantsika ny sitrapon'ny hafa dia toa vato misakana sahady ny hanaovantsika ny sitrapontsika. Aleontsika miteny hoe: "Aoka ny sitrapoko no ho tanteraka amin'ny zavatra rehetra" sa tsy izany?
Mba hahatakarantsika bebe kokoa ny tiana ambara, dia handeha hojerentsika ny hevitry ny teny hoe "sitrapo." Amin'ny teny frantsay, izany dia midika ho ny fahafahana manao zavatra iray izay tiana hatao. Teny roa kosa no ampiasain'ny teny grika (*thelema sy parakeimai*). Rehefa jerena ny dikanteny fototra dia ny fananantsika faniriana hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra no tiana ambara. Izany akory tsy midika fa tsy afaka manatanteraka ny sitrapontsika isika fa tsy maintsy manao ny sitrapon'Ilay Andriamanitra Tsitoha. Mangataka isika mba ho tanteraka eo amin'ny fiainantsika ny sitrapon' Andriamanitra.

Ny sitrapon'Andriamanitra (*thelema*) dia midika zavatra roa:

- ny voalohany, ny sitrapon'Andriamanitra dia azo adika hoe ny drafitra ankapobeny ho an'ny fiainantsika, toy ny drafitry ny mpanao trano izay arahina rehefa hanorina trano.
Ity vavaka ity izany dia midika hoe: "ho tanteraka anie ny drafitra ankapobeny ho an'ny fiainako amin'ny fotoana maharitra." Mangataka amin'Andriamanitra isika mba hanorina ny fiainantsika hahafahany manangana ny trano tiany avy amin'ny drafitra izay nataony.

- ny faharoa, ny hoe "Hatao anie ny sitraponao," dia midika fa matoky an'Andriamanitra isika eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tsara. Mangataka amin'Andriamanitra isika mba hitarika ny fanapahan-kevitsika sy hampifanaraka izany amin'ny Azy. Rehefa ao anaty ady mangotraka ny mpitari-tafika dia voatery mandray fanapahan-kevitra maromaro mba handrisika ireo miaramilany, mamindra ny fitaovam-piadiana ary manao izay hampitaovana azy ireo. Ny mpitari-tafika dia manana drafitra faobe na tetik'ady efa matipaika. Izany no sary anehoana ny tiana ambara amin'ny ankapobeny. Fa ny mpitari-tafika koa dia tsy maintsy mandray fanapahan-kevitra isan'andro. Izany no ahafahany mitarika ny miaramilany ho amin'ny fandresena. Rehefa mivavaka "Hatao anie ny sitraponao," isika dia mangataka amin'Andriamanitra mba handray fanapahan-kevitra ho an'ny fiainantsika araka ny fahaiza-manao ananany mba hahatanteraka ny drafitra ankapobeny efa nomaniny. Noho izany dia mangataka ny fitarihany isan'andro isika amin'ny fiatrehana ireo zava-manahirana mandritra ny andro iray.

**Noho izany ny sitrapon'Andriamanitra dia sady drafitr'asa no maneho amintsika izay tiany hotanterahina eo amin'ny fiainantsika. Izany ihany koa dia fiaraha-mandeha amin'Andriamanitra mba handraisany ny fanapahan-kevitra tsara indrindra ho an'ny fiainantsika.**

**Ny tsy atao hoe : ny « sitrapon'Andriamanitra »**

Toy izao no nambaran'I J. M. Thobois: "Ny sitrapon 'Andriamanitra resahina eto dia tsy zavatra izay tsy maintsy iaretana na tiana na tsy tiana. Mihatra amiko ny aretina izatsy na izaroa, olana izatsy na izaroa, izany rehetra izany dia sitrapon 'Andriamanitra, ka aoka ho tanteraka ny sitrapony." Isika dia tsy mitoetra ao amin'izay mety hampidi-doza antsika. Mitranga amintsika izany, satria izany no efa tapa-kevitr' Andriamanitra.

a) Ny olona sasany dia mihevitra fa ny sitrapon'Andriamanitra dia tahaka ny boaty fanomezana izay tsy fantatra ny ao anatiny ka tsy hay na hisy fanomezana na tsia. Matetika, dia heverintsika fa zavatra kely sy tena tsotra izany.
b) Ny hafa indray dia mihevitra fa ny sitrapon'Andriamanitra dia tahaka ny kitapokely feno kanety. Avoaka rehefa tiana avoaka, atao izay hampamiratra azy, aseho ny hafa mba hampiaiky volana azy, eny fa hatramin'ny milalao aminy aza amin'ny fanantenana hahazo kanety fanampiny hafa indray.
d) Ny hafa indray kosa mihevitra fa ny sitrapon'Andriamanitra dia tahaka ny kitapon'ny dadabe noely. Tena feno kilalao sy vatomamy, nefa indray mandeha isan-taona ihany izy no tonga ho an'ny ankizy hendry tsara.
e) Ny hafa indray mihevitra fa ny sitrapon'Andriamanitra dia nomerao fiantso amin'ny vonjy taitra rehefa misy trano/zavatra may na toe-javatra hafa ilàna fanampiana maika.

Nefa maro ny olona tsy tia ny ho eo akaikin'Andriamanitra loatra, noho ny tahotra fa izany fifandraisana izany dia mety hahatonga azy ireo hanome mihoatra lavitra noho izay mety azon'izy ireo omena. Ny Testamenta Vaovao dia mampiseho fa ny sitrapon'Andriamanitra dia mifandray mandrakariva amin'ny famonjena. Tian'Andriamanitra raha miorina io fanjakana maharitra mandrakizay io, amin'izay dia afaka hiaina amin'ny fahafenoany sy maharitra mandrakizay ny sitrapon'Andriamanitra ireo olom-boafidy.

**Ny fanirian'Andriamanitra**

Irin'Andriamanitra ny haneken'ny olon-drehetra Azy ho Andriamanitra « ety an-tany tahaka ny any an-danitra.» Araka ny fiheverana jiosy, ny lanitra dia ilay toerana hanjakan'Andriamanitra sy hanatanterahana ny sitrapony, « niteny Izy dia nisy ny zavatra rehetra.» Tsy misy fanoherana an'Andriamanitra any an-danitra, fa tanteraka amin'ny fahafenoany sy avy hatrany ny sitrapony. Izany no mahatonga azy ho toerana anjakan'ny fiadanana, ny fifaliana, ny fahasambarana ary ny firindrana.

Tsy mitovy amin'izany kosa ny zavamisy eto an-tany. Tsy midika akory izany fa afa-miala amin'ny fahalehibeazan'Andriamanitra izy, tsia. Andriamanitra no mpanjakan'ny tany ary ataony izay hahatonga ny zavatra rehetra mba hahatanteraka ny drafiny.

Ampy ve ny mahafantatra fotsiny ny sitrapon'Andriamanitra ?

**Tsia, tsy maintsy manao ny sitrapony koa isika.** Tsy nampianatra ny mpianany toy izao Jesosy : « Ho fantatra ety an-tany anie ny sitraponao tahaka ny any an-danitra ! », fa hoy Izy hoe : « Hatao anie ny sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra ! »

« *Ho tanteraka anie ny sitraponao* », sarotra tononina izany fehezanteny izany. Matetika dia ny sitrapoko no tiako atao… izay tiako ihany no hotiaviko… izay tiako hiresahana ihany no hiresahako…izay tiako hohanina no hohaniko. Rehefa milaza aho hoe : « Hatao anie ny sitraponao, » dia somary matahotra ihany ny amin'izay andrasan'Andriamanitra amiko sy izay hanirahany ahy ary izay asainy ataoko.

Toy izao ny dikanteny malalaka nataon'i Dr Elmer L. Towns ny Romana 12:2 :

« Aoka ianareo tsy ho resin'ny hery miasa manginan'izato tontolo izao, fa aoka kosa ianareo hiova araka ny hery ivelan'ny tenan'ny olombelona eo amin'ny fomba fisainanareo vaovao, *mba*

*hahatanterahanareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara, mifanentana amin'ny tokony ho izy ary tanteraka.* »

Ny hoe manao ny sitrapon'Andriamanitra dia ny manaiky hotarihiny, mahatoky Azy satria Izy no mahalala izay tsara ho ahy.

**Ny sitrapon'Andriamanitra dia tsara.**

Tian'Andriamanitra raha toa ka manao ny sitrapony isika satria tsara izany… tsara ho antsika… tsara ho an'ny ankohonantsika tahaka ny Azy ihany. Ohatra : Nilaza tamin'ny zanany ny ray aman-dreniny mba hody alohan'ny amin'ny iray ambin'ny folo alina rehefa avy namonjy lanonana niaraka tamin'ny namany, noraisina izany fanapahan-kevitra izany mba tsy hilàna kisa amin'ilay zaza fa kosa mampianatra azy fa misy ny fetra tsy azony hihoarana, mila manaraka fitsipi-pifehezana izy, izany dia hamolavola ny toetrany ho any an-danitra. Ny fametrahana fetra ho an'ny zanany dia manamafy orina koa ny fahefan'ny ray aman-dreny sy mba hahazoany manabe ny zaza araka ny Tompo.

Ny sitrapon'Andriamanitra dia tsy mikendry afa-tsy ny tsara indrindra ho antsika. Tsy mangataka antsika izy mba hanao mihoatra ny fahafaha-manao ananantsika. Fantany ny herintsika sy ny fahalementsika. Tsy mangataka antsika Izy mba ho andrin'ny ekipa mpanao 'basket' iray kanefa isika tsy mirefy afa-tsy 1,60m. Tsy mangataka antsika hampianatra Izy kanefa ny fanomezam-pahasoavan'ny fitantanan-draharaha sy ny fitantanana no ananantsika.

**Manana drafitra ho an'ny fiainantsika Andriamanitra.**

Rehefa miteny isika hoe : « Hatao anie ny sitraponao, » dia tahaka ny zazalahy kely iray isika izay mahafantatra izay tian'ny raintsika hatao, kanefa miaraka amin'ny fanampiany.

Sary fanazavana

Tian'ny rainy mba hianatra mitaingina ny bisikileta izay nataony fanomezana ho azy tamin'ny fitsingerenan'ny taona nahaterahany ny zanany iray. Na dia niezaka nanao izay hahafa-po ny rainy aza ilay zaza, dia nianjera foana. Dia nangataka ny rainy mba hanampy azy izy : « Dada a !, mba ampio aho e ! » Nangataka tamin'ny rainy izy mba hanampy azy amin'ny fanaovana izay tian'ny rainy ho hita eo aminy. Dia notazonin'ilay rainy avy tato aoriana ilay bisikileta mba tsy hianjera sady natosiny mba tsy hianjera ilay zanany. Nandritra izany fotoana rehetra izany, dia nihevitra ilay zanany fa izy tenany ihany no nivoy ilay bisikileta. Ny rainy anefa no nanao ny fomba rehetra mba tsy hianjeran'ilay zanany !

Tahaka izany koa eo amin'ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra. Izy no miasa ao anatintsika, eo akaikintsika, mba hahatanteraka ny sitrapony ety an-tany tahaka ny any an-danitra.

**Hatao anie ny sitraponao**

Io fangatahan'i Matio io dia mifanindran-dalana amin'ireo fangatahana samihafa etsy aloha. Izay mihitsy ny tena endrika fanehoany zavatra (Jereo Matio 7:21 ; 12:50 ; 18:14 ; 21:31 indrindra ny 26:42). Tamin'io fangatahana io, dia Andriamanitra sy ny tetikasany mandrakariva no ivon'ny fiheverana rehetra.

Rehefa mamerina mamaky ny toriteny teo an-tendrombohitra isika dia afaka mahatakatra ny fanavaozana anaty izay tian'i Jesosy hampitaina. Miresaka ny amin'ny famelan-keloka, ny fomba fijery tokony hananana, ny fo madio, ny fanoloran-tena sy ireo fahasambarana samihafa Izy, ho toy ny ny masoandron'Andriamanitra miposaka eo amin'ny tanin'ny olombelona. Izany no hevitry ny fangatahan'i Matio.

Izany no nahatonga an'i Jesosy nametraka ny sitrapon'Andriamanitra alohan'ny zavatra rehetra rehefa nivavaka tao Getsemane Izy, Manasa ihany koa ny mpianatra tsirairay izy mba hanao toy izany ihany koa (Matio 26:42). Ny tena ivon'izany, dia ny fananan'ny olona rehetra ilay fiainana avy amin'Andriamanitra. Izany hoe, ny fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra dia manamboatra ny olona hatrany amin'ny ati-fanahiny. Mampifanaraka indray ity izao tontolo izao ity amin'ilay gadona (rythme) namoronan'Andriamanitra azy tany am-boalohany izany.

**Vavaka tsy misy valiny**

Betsaka ny vavaka tsy mahazo valiny na tsy ho voavaly na oviana na oviana satria tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra. Toy izao no nambaran'i Jakoba : ‘‘ Mangataka ianareo, nefa tsy mahazo ihany, satria diso fangataka, mba holaninareo amin'ny filànareo.’’ (Jakoba 4:3). Ny teny hoe “filàna” eto dia azo soloina hoe “faniriana.” Izay irintsika dia tsy izay tian'Andriamanitra mandrakariva. Nangataka i Paoly mba hanasitranana azy, kanefa dia “tsia” no valiny avy tamin'Andriamanitra. Toy izao no voalaza ao amin'ny 2 Kor. 12:8-9 : “Izany no nangatahako intelo tamin'ny Tompo, mba hialan'izany amiko. Nefa hoy Izy tamiko; Ampy ho anao ny fahasoavako; fa ny heriko. dia tanterahina amin'ny fahalemena.”

Rehefa tsy salama isika dia rariny loatra raha toa ka mangataka fanasitranana sy fahasalamana, mety tsy ho izany anefa ny sitrapon'Andriamanitra. Toy izao koa no nambaran'i Jesosy tamin'i Petera indray mandeha : ‘‘Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha mbola tanora ianao, dia nisikina ka nandeha tamin'izay tianao; fa rehefa antitra kosa ianao, dia haninjitra ny tananao, ary olon-kafa no hanikina anao ka hitondra anao amin'izay tsy tianao.” (Jao. 21:18).

Tsy misy olona tia ny fijaliana. Matetika anefa dia sitrapon'Andriamanitra ny hizorantsika amin'izany lalana izany. Amin'ny toe-javatra toy izany, ny hoe « Hatao anie ny sitraponao » dia ny fanekena ny fijaliana. Jesosy tenany mihitsy no modely ho antsika. Toy izao ny voambara ao amin'ny Mar. 14:36 : ‘‘Ary hoy Izy: Aba, Raiko ô, ny zavatra rehetra hainao; esory amiko ity kapoaka ity; nefa aoka tsy ny sitrapoko anie no hatao, fa ny Anao.”

**Fampianaran-diso**

Tsy nampanantena na oviana na oviana ireo mpanaraka azy i Jesosy fa hanome azy ireo fiainana milamina sy tsy misy olana eto ambonin'ny tany. Ny mifanohitra amin'izany aza no nambarany : ‘‘Atỳ amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana.” Inona marina moa no dikan'ilay teny hoe “fahoriana” eto? Ny teny grika hoe “*thlipsis*” dia midika hoe: tsindry, fanerena, rarin-tsaina, tebiteby, fampijaliana, fahadisoam-panantenana. Io teny io ihany koa no ampiasaina rehefa poretina ny voaloboka mba hahazoana ny ranony na rehefa poretina ihany koa ny oliva mba hahazoana ny menaka avy aminy.

Aoka tsy hamita-tena isika fa zavatra ara-dalàna loatra eto amin'ity izao tontolo izao ity ny fandalovana amin'ny fahoriana. Aoka tsy ho voasarika amin'ny fampianaran-diso ataon'ny fiangonana sasany isika izay milaza fa rehefa manana finoana be dia be isika, dia hahita fahombiazana, tsy ho tratry ny aretina, hahazo fitahiana, ho tanteraka ny nofinofy isan-karazany sy ireo zavatra tsara rehetra ety an-tany. Andosiro izany karazana lainga izany. Izay mety ho babon'izany dia mety hiafara amin'ny fahadisoam-panantenana sy ny fahaverezan-hevitra ary ny fanamelohan-tena rehefa tsy tanteraka izay niriana. Toy izao no nambaran'i Jesosy : ‘‘Ny fanjakako tsy avy amin'izao tontolo izao” (Jao. 18:36) ary noho izany no angatahiny amintsika mba hivavaka ho amin'ny fahatongavan'ny fanjakany (Mat. 6:10).

Marina fa ny Baiboly dia miresaka betsaka ny amin'ny maha-zava-dehibe ny finoana ary tena rariny raha toa ka mitady ny fomba tokony ampitomboana izany isika ; ny Baiboly ihany koa anefa dia miresaka ny amin'ny « sitrapon'Andriamanitra » sy ny safidy tokana izay tokony atao amin'ny fotoana mety indrindra mba hahatanteraka izany. Ao amin'ny vavaka nampianarin'i Tompo, Jesosy dia nanindry ny hoe : « Hatao anie ny sitraponao ! » Toy izao ihany koa no voambara ao amin'ny 1 Jao. 15:14 : ‘‘Ary izao no fahasahiana ananantsika eo anatrehany: Raha mangataka zavatra araka ny sitrapony isika, dia mihaino antsika Izy.”

Azo antoka sy marina avokoa ny teny fikasan'Andriamanitra rehetra. Rehefa nanapa-kevitra ny hiditra an-tsehatra Izy, dia tsy misy na inona na inona mahasakana Azy amin'izany. Ny hany angatahiny amintsika dia ny handeha am-panetren-tena eo amin'ny lalana izay nosoritany ho antsika, ny hanana faharetana eo amin'ny fivavahana, ka na dia eo anatrehan'ny zava-tsarotra aza dia ny hanaiky ny fiadanam-po izay omen'i Jesosy ho antsika rehetra tsy an-kanavaka.

**Famaranana**

Ny manao ny sitrapon'Andriamanitra dia ny manatanteraka izay nolazainy, ny baikony, ny torohevitra nomeny. Ho antsika kristianina, ny fanaovana izany dia tokony ho tombotsoa sy fifaliana ho antsika. Amin'ny farany, dia ho tanteraka izay voalazan'ny Baiboly manao hoe : ''Ary mandalo izao fiainana izao …; fa izay manao ny sitrapon'Andriamanitra no maharitra mandrakizay." (1 Jao. 2:17).

Noho izany ary, rehefa mivavaka isan'andro isika manao hoe « Hatao anie ny sitraponao » dia izao no tiantsika ambara amin'Andriamanitra :

1. Ampio aho mba hahafantatra ny drafitra nomaninao.
2. Ampio aho mba hahatakatra izany.
3. Ampio aho mba hilefitra amin'izany drafitrao izany.
4. Ampio aho mba hanatanteraka ny drafitrao.

Mety ho efa nandre angamba ianareo fa manana drafitra ho an'ny fiainanareo Andriamanitra. Mety ho efa nandre ny fampianaran'ny Baiboly koa aza angamba ianareo ny amin'izany. Mety ho efa nisy namanareo koa aza angamba nanazava taminareo ny dingana tokony arahina mba hahatongavana amin'izany. Tonga ny fotoana izay tokony hanolorantsika tanteraka ny fiainantsika ho eo am-pelatanan' Andriamanitra. Ampy izay nitondrantsika ny fiainantsika tamin'ny lasa izay. Avelao amin'izay Izy no hitantana izany ! Aoka isika hijoro ho an'Ilay Tompontsika mba ho tanteraka eo amin'ny fiainantsika ilay hoe : « Hatao anie ny sitrapony. » Amena !

Ity toriteny ity dia nosoratana taorian'ny famakiana ilay boky mitondra ny lohatey hoe : « Oser le 'Notre Père' » nosoratan'i Elmer L. Towns.
Pasitora Teddy Ah Kiune
Mpitan-tsoratra Mpanatanteraka ao amin'ny Federasionan'i La Réunion.

SOSO-KEVITRA MIKASIKA NY FANDAHARAM-POTOANA FOLAKANDRO AMIN'NY FOTOANAN'NY FIFADIAN-KANINA SY NY FIARAHA-MIVAVAKA

- Hira
- Vavaka
- Fandraisana anjaran'ny rehetra (hira na fijoroana ho vavolombelona na tononkalo, sns…) (10-15 mn)
- Dinidinika voalohany (15-20 mn)
- Fiaraha-mivavaka (20 mn) : Fiderana an'Andriamanitra, Fisaorana Azy, Fangatahana famelan-keloka, Antom-bavaka manokana mifandray amin'ny lesona, Fankasitrahana Azy noho ny fitiavany.
- Hira
- Fandraisana anjaran'ny rehetra (hira na fijoroana ho vavolombelona na tononkalo, sns…) (10-15 mn)
- Hira
- Dinidinika faharoa (15-20 mn)
- Fiaraha-mivavaka (20 mn)
- Famaranana ny fotoana

<u>Dinidinika voalohany</u> :

« Na avy eo an-kavia na avy eo an-kavanana dia misy mandrakariva ny fakam-panahy mitaona ny kristianina handao ilay lalana ety. Ireo izay maniry hikolokolo toetra tsara mba ho mendrika ny fiainana mandrakizay anefa dia tsy maintsy manao ny sitrapon'Andriamanitra ho fanevany ka hiala amin'izay rehetra mampalehelo Azy.
An'arivony maro no voafitaky ny ota satria namela ny mandan'ny fony tsy ho voaaro. Manjary resin'ny fiahiahian'izao tontolo izao izy ireo ka nivily tsy ho ao am-pony ny tena fitiavana an'Andriamanitra. Maika ery izy ireo hanangona tombontsoa ara-nofo avy amin'ny haren'izao tontolo izao. Mametraka ny tenany ho eo amin'izay tsy hahafahany mandroso amin'ny fiainana ara-panahy anefa izy amin'izany. » Signs of the Times, 17 Desambra 1896.

<u>Fanontaniana hifanakalozan-kevitra :</u>
Araka io fanambarana io, inona no sitrapon'Andriamanitra ho an'ny zanany tsirairay avy mba hahamendrika azy handova ny fiainana mandrakizay ?

<u>Dinidinika faharoa</u>

''Aza tia izao tontolo izao na izay zavatra eo amin'izao tontolo izao. Raha misy tia izao tontolo izao dia tsy ao anatiny ny fitiavana ny Ray'' An'Andriamanitra avokoa ny fotoana rehetra eo am-pelatanantsika, ary tsy ananantsika ny zo hivesatra fiahiahiana ndrao tsy hanan-toerana ao amin'ny fontsika ny fitiavany Mila ankatoavintsika ihany koa ilay baiko manao hoe : ''Aoka tsy halaina eo amin'ny raharaha.'' Natao hiasa mafy isika… Tsy tian'Andriamanitra ny hamelantsika ny herintsika hihasimba noho ny fidonanaham-poana. Mila miasa ny kristianina, mila mirotsaka amin'ny fanaovana asa aman-draharaha izy ireo, afaka manitatra izany izy kanefa tsy hanota amin'Andriamanitra. » Signs of the Times, 17 Desambra 1896.

<u>Fanontaniana hifanakalozan-kevitra :</u>
Inona no ifandraisan'izay voasoratra etsy ambony amin'ny sitrapon'Andriamanitra sy ny MRMA ?